# FANAMBARANA

**“Foàno ny fanapahan-kevitra mampanjaka firehan-kevitra tokana mirona mankany amin’ny didy jadona”**

**Tsy fanampenam-bava ireo izay manana hevitra hafa noho ny an’ny Fitondrana ny hamehana ara-pahasalamana. Vao maika izany tsy mampahomby ny ady amin’ny valanaretina Covid-19 no sady mandetika ny demokrasia fototra ijoroan’ny fahefana iorenan’ny Repoblikan’i Madagasikara.**

Manoloana ilay didy iraisan'ny ministera (arrêté interministériel) ny 22 aprily 2021 lasa teo izay mandrara ny fandehanan'ny fandaharana sy adi-hevitra politika, ara-toekarena sy sosialy amin'ny haino aman-jery mandritra ny fotoana hisian'ny hamehana ara-pahasalamana ao anatin’ny Faritra dimy eto amin’ny firenena malagasy, **ny Holafitry ny mpanao gazety sy ny Firaisamonim-pirenena** manao sonia ity fanambarana ity dia mahatsapa fa **voahosihosy ny fahafahan'ny olompirenena maneho hevitra, mahazo vaovao sy ny fahafahan'ny haino aman-jery maneho hevitra malalaka sy mampahalala vaovao**.

Ireo anefa dia zo fototra izay voadidin'ny andininy faha-10 sy faha-11 n’ny lalàmpanorenena Malagasy ho hajaina. Voafaritra ihany koa ao anatin'ny fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona (DUDH) izay nataon'ny firenena malagasy sonia :

And 18. Ny olona rehetra dia manana zo hieritreritra sy handinika.

And 19. Ny tsirairay dia manana zo hanana sy haneho ny heviny, tsy azo sakanana sy tohinina ny fanehoan-kevitry ny tsirairay, ary zony ny mikaroka, mandray sy manapariaka ny antontam-baovao azony sy ny heviny  na amin’ny fomba ahoana na amin’ny fomba ahoana.

**Noho izany, mitaky izahay ny hanafoanana avy hatrany io fanapahan-kevitra io ka hamelàna malalaka ny haino aman-jery hanao ny asany sy hamelàna ny olom-pirenena haneo ny heviny sy hahafantatra firehan-kevitra samihafa.**

Ny hamaroan’ny loharanom-baovao, ny sosokevitra, ny fijery marolafy, ny tsikera ary ny ady hevitra no ahazoan’ny mpitondra, ny mpiantsehatra rehetra sy ny olompirenena mandray fanapahan-kevitra sy manova ny fihetsiny ho tomponandraikitra kokoa amin’ny ady amin’ny valan’aretina Covid-19. Manamafy ny fahatsapàna fa ady iombonan’ny rehetra tsy ankanavaka ity aretina ity ny fisian’ny fahalalahana haneho hevitra.

Marihina fa hamehana ara-pahasalamana no misy eto Madagasikara fa tsy hamehana amin'ny tany misy hotakotaka akory. Koa mira zotra amin'ny ady atao amin'ny sehatra ara-pahasalamana dia mitohy ny fiainan'ny firenena na ara-politika izany na ara-toekarana ao anatin'ny fanajana tanteraka ny lalàna velona sy ny fitandroana ny fepetra ara-pahasalamana.

**Ny fahefana eo ampelatanan'ny mpanatanteraka** entina hitarihana ny lamina sy hanatanterahana ny ady amin'ny aretina Covid-19 sy ireo fepetra raisina amin'izany **dia TSY AZO EKENA ho fitaovana atao ho fanampenam-bava sy sofina ka entina hamotehana ny demokrasia eto Madagasikara.**

Manentana ny olompirenena, ireo mpiantsehatra rehetra eto an-toerana, ny sehatra tsy miankina indrindra ireo misehatra amin’ny serasera sy ny asa fanaovan-gazety, ny Sendika, ny Antokompivavahana sy ny Fiangonana indrindra ny FFKM, ny Mpitarika ara-drazana, ny mpitarika sy Antoko Politika rehetra, ireo Andrim-panjakana miantsehatra amin’ny fiarovana ny zon’olombelona sy ny tany tan-dalàna (CNIDH, HCDDED), ny Andrim-panjakana mpitsara (Filakevi-panjakana, Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana), ny Andrim-

panjakana mpanao lalàna (Antenimierandoholona, Antenimierampirenena), ny sehatra sy ny Fikambanana iraisam-pirenena ny mpiaro ny zon'olombelona (HCDH, Amnesty International, CIVICUS, Frontline Defenders, Reporters Sans Frontières, sns. ) ary ny mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena izay misy solontena sy miasa eto Madagasikara (Union Africaine, Southern Africa Development Community, Banque Mondiale, Fonds Monétaire International, Système des Nationa Unies, Union Européenne, France, Allemagne, Suisse, Etats-Unis, Afrique du sud, Russie, Chine, Norvège, Royaume-Uni, sns.) izahay **mba handray andraikitra sy hanameloka tsy misy hatakandro ity fanapahan-kevitra mamoafady ity.**

Natao androany 24 aprily 2021

Ny manao ny fanambarana :

| | |
|---|---|
| Ordre des Journalistes de Madagascar (OJM)<br>Alliance Voahary Gasy (AVG)<br>Centre d'Echange et de Documentation Inter-Instiutionnel (CEDII)<br>Coalition des radios de Madagascar<br>Coalition Nationale de Plaidoyer Environnemental (CNPE)<br>Collectif des Citoyens et des Organisations Citoyennes (CCOC)<br>Conseil national des femmes de madagascar (CNFM)<br>Dinika sy Rindran'ny Vehivavy (DRV)<br>Fikambanan'ny Tanora Miaro ny Fahamarinana (FTMF)<br>Gny To Tsy mba Zainy (GTZ)<br>ILONTSERA<br>JAI Association<br>KMF/CNOE-Fanabeazana Olompirenena<br>Liberty 32<br>Mouvement pour l'Education pour tous (MonEPT)<br>Mouvement ROHY<br>MSIS-TATAO | Observatoire de la Jeunesse<br>Observatoire des élections SAFIDY<br>ONG AIM<br>ONG FIANTSO<br>ONG HITSY<br>ONG IVORARY<br>ONG LALANA<br>ONG RAVINTSARA<br>ONG SAF/FJKM<br>ONG SAHA<br>ONG TOLOTSOA<br>PACA<br>Plateforme des Fédérations des Personnes Handicapées (PFPH)<br>Plateforme Nationale des OSC de Madagascar (PFNOSCM/Vohifiraisana)<br>Sehatra Iombonana ho an'ny Fananan-tany (SIF)<br>TAFO MIHAAVO<br>Transparency International – Initiative Madagascar (TI-MG)<br>Young Men/Women Christian Association (YMCA) |